GSDM

VOLY RAKOTRA

## Faritra maika eto Madagasikara

# Fambolena Brachiaria ho sakafon'omby no sady hanarenana ny tsiron'ny tany



- Hahazoana sakafon'omby betsaka sy tsara kalitao
- Hampiverina haingana ny tsiron'ny tany
- Hampihena ny doro tanety

Min Agri

afd AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

# Ny antony hambolena ny brachiaria

## Fomba mahazatra




## Olana




## Vahaolana




## Tombotsoan'ny brachiaria amin'ny fanatsarana ny tany



**Ambonin'ny tany**

- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka sy ny rivotra ny nofon-tany
- Mitahiry ny ranon'ando sy mampihena ny fahamainan'ny tany
- Manampy ny sakafon'ny fambolena aorian'ny fahalovany miadana sy maharitra

**Ambanin'ny tany**

- Mampitombo ny tahan'ny roka
- Mampitsingerina ireo singa ao anaty tany
- Mampitombo ny asan'ireo zavamanan'aina ao anaty tany
- Manatsara ny fitsihan'ny rano, mampitombo tahirin-drano

## Tombotsoan'ny brachiaria amin'ny fanatsarana ny sakafon'omby

- Manome vilona betsaka
- Manana kalitao tsara noho ny bozaka natioraly
- Mamokatra zava-maintso maharitra amin'ny main-tany
- Mahantaty hitsakitsahan'ny omby
- Mora mitsiry raha avy lalovan'ny afo



# Fambolena ny brachiaria

**Tanjona :** Mamokatra brachiria matevina sy haingana ahazoana vilona ho an'ny omby sy hanatsarana ny tsiron'ny tany



Mety amin'ny karazan-tany rehetra: haingana ny fitombony amin'ny tany masaka, miadana amin'ny tany manta

Afaka maniry amin'ny tany mafy nohon'ny fananany vahatra matanjaka

Mila hamandoana, tsy mahantanty rano miandrona

Maniry amin'ny faritra hafa ihany koa ankoatra ny faritra maika ny brachiaria

## Ny atao

### Fotoana fambolena

**Fanaovana pepiniera**

Afafy ny volana oktobra – desambra anaty pepiniera ny masomboly

**Famindrana ny zanak'ahitra**

Afindra ny volana janoary - febroary

**Famindrana ny silak'ahitra**

Rehefa feno herin-taona naniriana ny brachiaria dia azo hakana silak'ahitra

Afindra ny volana janoary - febroary

## Fitandremana sy fetra

Lasan'ny rivotra na tototry ny fasika ny masomboly raha toa afafy mivantana eny an-tanimboly

Mila manondraka raha mbola tsy tonga ny orana

4 - 5 ravina ny zanak'ahitra vao afindra

Zanany misy vahatra feno no afindra

Tsy tsara hakana silak'ahitra ny brachiaria mamony

### Fandomana ranon-jezika ny zanak'ahitra sy ny silak'ahitra



Tsara raha lomana ranon-jezika ny zanak'ahitra na ny silak'ahitra mba hanafaingana ny fitombony

**1- Afangaro :** 1/3 tain'omby sy 1/3 tany masaka ary 1/3 rano

**2- Atsoboka** ao anatin'ny fangaro ny vahatra na faritra ambany amin'ny taho ho volena

**3- Volena avy hatrany** ny zanak'ahitra na ny silak'ahitra avy nalona, atao 2 isan-davaka

**Elanelam-boly**

30 sm x 30 sm

mila 2200 – 2250 zanak'ahitra na silak'ahitra isaky ny 1 ara

# Fitantanana ny tany misy brachiaria

**Tanjona :** Fampiasana ny tanimboly brachiaria mandritra ny taona maro

Havaina ny brachiaria mbola mitombo

Hitondrana zezika raha tiana ny hampaniry azy haingana

Tandremana tsy ho lalovan'ny afo mandritra ny main-tany





Azo hiraofan'ny omby

Ny tanimboly mihoatra ny 2 taona no azo ampiraofana ny omby

Tandremana tsy ho ringitra tanteraka

**DIARY**

| Okt. | Nov. | Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sep. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Taona voalohany | | | | | | | | | | | |
| Pepiniera | | | Mamindra | | | | | | | | |
| Taona manaraka | | | | | | | | | | | |
| | | Mampiasa | | | | | | | | | |

## Famonoana ny brachiaria sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

### Ny atao

Sorohina iray volana alohan'ny fambolena ny voly fihinana manaraka

Azo atao ny mamono tanteraka ny brachiaria, na mamono soritra 2 m mielanelana 1 – 2 m

Volena ao anaty rakotra brachiaria maty ny voly manaraka : voanjobory, kapika, lojy, konoke, mucuna,…

### Fitandremana sy fetra

Tandremana tsy hisy voa hiraraka mba tsy hanahirahana amin'ny fambolena manaraka : jinjaina alohan'ny famelanany

Azo vonoina amin'ny fanafody famonoana ahitra raha misy ny fahafahana

Tsy tsara raha tsako na apemba na bajiry, no volena ao anaty rakotra brachiaria